# Ilay Voa Tsara Nafafy 18 Oktobra 2020

**18** **Alahady**
oktobra

**Andriamanitra ô, Andriamanitro Ianao ; mitady Anao fatratra aho ; mangetaheta Anao ny fanahiko, maniry Anao ny nofoko, eto amin'ny tany maina sy mangentana tsy misy rano.** Salamo 63. 1

**Ny Tompo nitsangana teo anilako ka nampahery ahy.** 2 Timoty 4. 17

**Isanandro, isanora**

Auguste Glardon, misionera tany India efa zato taona mahery lasa izay, dia tsy maintsy niaritra fitsapana mamaivay : tazo mahery vokatr'ireo aretin'ny tany mafana, tebiteby noho ireo bibidia, nandritra ireo diany fitoriany ny Filazantsara… ary tatỳ aoriana, ny alahelo noho ny nahafatesan'ny zanany lahy kely 5 taona.

Ao amina tononkira iray mitondra ny lohateny hoe : „Mangetaheta ny fanatrehanao aho", dia miantsoantso an'Andriamanitra izy, manoloana ny tsy fananany hery, ary milaza ny fangirifiriany, nefa ihany koa ny finoany an'io Andriamanitra akaiky antsika olombelona io :

*Mangetaheta ny fanatrehanao aho,*
*Ry Andriamanitra Tompon'ny finoako.*
*Ao anatin'ny fahalemeko fatratra,*
*Inona no ho nataoko raha tsy teo Ianao ?*

*Isanandro, isanora,*
*Endre ! mila Anao aho,*
*Avia, Jesosy, tomoera*
*Akaikiko kokoa hatrany.*

*Mandritra ireo andron'oram-baratra,*
*Maizimpito, mampangorohoro,*
*Raha mihena ny herim-poko,*
*Inona no ho nataoko raha tsy teo Ianao ?*

*Jesosy ô, ny fanatrehanao,*
*No fiainana sy fiadanana,*
*Fiadanana ao anaty fijaliana*
*Ary fiainana ho mandrakizay.*